# 365Tantara

## 65. Ilay rivotra mahavonjy!



# 65. Ilay rivotra mahavonjy!

Notantarain'i Pasitera Eugène Nyathi ahy ity tantara ity Mipetraka any Zimbabwe na Rhodesia taloha izy. Izao no notantarainy tamiko: Ny raiko dia iraka tao amin'ny "armée du salut" Mpampianatra an-tselika no andraikiny tamin'izany. Faniriany hatrany ny hanatsara ny fitaovana any amin'izay sekoly nampianarany Isaky ny miala amin'ny sekoly iray izy Dia mijery raha nisy ny fanatsarana taorian'ny nahatongavany... Manana tetik'asa hanangonana vola hatrany izy hampiroboroboana sy hampanan-karena ny sekoly izay nampianarany. Izay no nahatonga azy indray andro, nandao an'i Bulawayo any Zimbabwe Mba handeha any amin'ny namany manana fiompiana lehibe, mba hangataka fanampiana. Hangataka aminy izy mba handray anjara amin'ny fanatsarana sy fampivelarana ny sekoly farany izay nampianarany. Tsy nisalasala ary izy ny nanao ny 40 km amin'ny bus.



Ilay bus anefa dia tsy tonga any amin'ilay namany Najanona teo amin'ny sampanana iray izy ary dia mandeha tongotra mandra-pahatonga any amin'ilay toeram-piompiana. Fantany fa dia tongotra ela, 7 ora, no miandry azy. Rehefa avy nandeha ora maro izy, nahatsiaro reraka. Tamin'ny 11 ora alina tamin'izay ka nanapa-kevitra ny hatory anaty hantsana iray amoron-dalana.



Nifoha izy nony misasak'alina Satria henony tamin'ny tavany, zavatra hafahafa, mando sy marokoroko: Lelan'alika kely roa izay milelaka azy Ary, mitady hilalao miaraka aminy. Tamin'io fotoana io no niha-nitsoka mafy ny rivotra. Nitsoka mafy sy ela Ka ny farany, lasa ireo alika ka tsy niverina intsony. Nifoha indray izy rehefa avy natory adin'ny telo, ary mbola nisy rivotra mafy, Dia notohizany ny diany. Ny maraina izy vao tonga tany amin'ilay toeram-piompiana.



Vao nahita azy ilay namany mpiompy, Nihazakazaka nankeny aminy no gaga Nanontany azy avy hatrany ny fomba nahatongavany hatrany? "Nandeha namakivaky ny toeram-piompiana rehetra aho!" Hoy ny raiko "Avy any ampin'ny lalan-dehibe ka hatraty aminareo" Hoy ity namany: "Tsy mampino ahy ny nandehananao avy any!" Gaga ny raiko nanontany azy ny antony... Novalian'ity namany fa "satria manana liona vavy iray sy liona kely roa izahay!" Tamin'izay dia tonga saina ny raiko Fa ireo alika kely nilalao taminy Dia tsy alika fa liona kely. Kanefa, noho ny rivotra Ilay liona vavy dia tsy nahare ny fofony. Izay no nanavotra azy!



Nahatsapa ny fiarovan'Andriamanitra azy izy tamin'izay fotoana izay! Ny Mpanjaka Davida dia miteny ao amin'ny salamo 121 Manopy ny masoko ho amin'ny tendrombohitra aho; Avy aiza ny famonjena ahy? Ny famonjena ahy dia avy amin'i Jehovah, Mpanao ny lanitra sy ny tany. Tsy mba havelany hangozohozo anie ny tongotrao; Tsy ho rendrehana anie ny Mpiaro anao. Indro, tsy matory na rendrehana Ny Mpiaro ny Isiraely. Jehovah no Mpiaro anao; Jehovah no fialofanao eo amin'ny an-kavananao. Ny masoandro tsy mba hamely anao nony andro, Na ny volana nony alina. Jehovah hiaro anao amin'ny ratsy rehetra; Eny, hiaro ny fanahinao Izy. Jehovah hiaro anao, na mivoaka na miditra, Hatramin'izao ka ho mandrakizay.